Nitokona ny mpiasan'ny CUA 6

**Tsy mbola nahazo ny karamany volana jona**

Diosezin'Antsirabe 3

**Mgr Jean Pascal Andriantsoavina no Eveka vaovao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 11 jolay 2023 Laharana 1452 Vidiny : 600 Ar


fitondrana Rajoelina 3

**Sarotra tsy mety arovana intsony**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


MAP Plus. Filoha Ravalomanana 2

# Mihitsoka ny firenena asa maika voalohany ny resaka sakafo




Miala Rajoelina 3

# 5 taona tsy mahavaha ny olan'ny jiro sy rano

J - 60


Hery Rasoamanana 2

# Mitombo isan'andro toy ny fakon' lariavo ny fahantrana eto amintsika



Mishah Rasolofo 2

# Simba ny foto-pisainana eto amintsika hiverina hampianatra eny ifotony ny PFSCCM



Ankoay U19. Amad Tombovelo Achiraf 5

**Manapotsitra ireo marary ao amin'ny Federasiona ny basikety**

Morondava 6

**Mpianatra 2 tratra nanao hosoka tamin'ny BEPC**

Daka kely

Hetsehana ny teleferika fa efa lany ny fika ry Boaikely a !

MAP PLUS. FILOHA RAVALOMANANA

# Mihitsoka ny firenena, asa maika voalohany ny resaka sakafo

Tao aorian'ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny 1 jolay lasa teo, miroso mitety faritra mampahafantatra ny MAP Plus amin'izao fotoana ny filoha Marc Ravalomanana. Tany Marovoay faritra Boeny izy ny faran'ny herinandro teo. Mihitsoka tanteraka ny firenena ankehitriny, hitondrana vahaolana voalohany sy maika ny resaka sakafo hoy izy : "faly tena faly aho mihaona mivantana aminareo eto Marovoay androany manazava voalohany ny MAP PLUS. Marovoay dia anisan'ny sompitr'i Madagasikara. Asa maika voalohany ao amin'ny MAP PLUS ny hitondrana vahaolana ho an'ny sakafo. Raha vary no resaka dia eo: ny Omby, ny Rano, ny Masomboly, ny tanimbary, ary ny tantsaha. Kanefa raha tsy omena sehatra ny tantsaha, tsy omena fampiofanana sy fitaovana enti-mamokatra mifanaraka amin'ny vanimpotoana sy vaninandro dia zava-poana dia zava-poana ny ezaka ataon'izy ireo. Noho izany ny MAP Plus dia manome lanja manokana ny famokarana sy ny fambolena ary ny sakafo ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka. "



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Marovoay.*

Nifanakalo hevitra tamina mpandraharaha mpamokatra sy mpanodina ny vary ihany koa ny filoha Ravalomanana tany Marovoay izao.

**Isambilo**

Hery Rasoamanana

# Mitombo isan'andro toy ny fakon'lariavo ny fahantrana eto amintsika

Mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana, Andriamatoa Hery Rasoamanana, Malagasy monina any ampitandranomasina. Tsy mandry ny sainy manoloana ny lavaka mangitsokitsoka misy ny firenena Malagasy ankehitriny hoy izy, ka mitafa aminareo gazety Ny Valosoa mikasika ny raharaham-pirenena eto amintsika. Mandalo matetika eto an-tanindrazana aho hoy Hery Rasoamanana ary ao anatin'izany aho dia manaraka ny raharaha misy eto amin'ny firenena hatrany,Mna eto Madagasikara na any Belgique izay toerana ipetrahako. Mihazakazaka ny raharampirenena eto Madagasikara, saingy mampametram-panontaniana hoe mihazakazaka mankany amin'ny ratsy sa any amin'ny tsara, ka ny hatahorako dia mety handeha any amin'ny hantsana tsy ampoizina izany, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina. Ny zavatra mahavariana ankehitriny dia hoe efa akaiky ny fifidianana, nefa ny mahavariana dia mbola tsy misy lalampanjakana mamoaka ny daty marina hiatrehana izany. Ny zavatra manahirana ahy ary mahasadaikatra hoy Hery Rasoamanana dia ny fitotongan'ny fiainan'ny vahoaka manontolo . Menatra ny tena satria any amin'ny tany iasako dia miteny daholo hoe ahoana Hery Rasomanana, fa tany manankarena sy tsy misy ady Madagasikara nefa miha-mahantra ianareo any Madagasikara . Menatra ny tena mamaly hoy izy, satria mba olona manampahaizana amin'ny fahasalamana ihany ary mahafantatra tsara ny fahoriana mihàtra amin'ny fahasalamam-bahoaka raha tsy hiteny afatsy izay fotsiny . Ny mahavariana dia tsy mihetsika ny fanjakana amin'ny fanalana ny fahantrana . Isaky ny 3 volana aho no tonga eto Madagasikara , nefa tsy misy zavatra miova mba mankany amin'ny tsara mihintsy . Ny jiro adiny 3 no mandeha nefa miakatra ny vidim-piainana, sns… Atao ny fanamby fa eee! Tsy misy zavatra miova . Atao ahoana no hiasa amin'izany ? y tiako hop lazaina, mitombo isan' andsro tahaka ny zaoridiran'Antananarivo Renivohitra ny fahantrana misy eto amin'ny Nosy ankehitriny . Etsy ankilany anefa toa miakatra ohatra ny zaoridiran'Antananarivo koa ny haren'ny mpitondra, sy ireo olona efa manan-karena, fa ny tena hita dia mitombo ny fahantrana sy ny tahotra eo amin'ny vahoaka Malagasy maro an'isa . Ankoatra izay voafitaka ny Malagasy, satria vazaha no mitondra ny firenena ankehitriny. Ny olomboafidy toy ny solombavambahoaka no tokony handray andraikitra mikasika izany ; koa miandry azy ireo ny vahoaka Malagasy . Raha tena olompirenena marina izy ireo dia tokony hitory ny filoha Andry Rajoelina; ary raha tena tia tanindrazana dia tokony hanadihady any amin'ny HCC satria tsy tokony ho filoha intsony i Andry Rajoelina, satria namitaka ny vahoaka Malagasy . Eto aho dia mametraka ny fitokisana sy ny fanantenana tanteraka amin'ny filoha Marc Ravalomanana, hanarina ny firenana izay latsaka ao an-davaka mangitsokitsoka izao. Velombolo izahay any ampitandranomasina, indrindra ny tenako Hery Rasoamanana, fa hirotsaka ho fidiana ho filohampirenena ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM ny sabotsy 1 jolay 2023. Ao aorinany tanteraka izahay hoy Hery Rasoamanana ary matoky fa hiarina i Madagasikara Nosy mamintsika .



*Hery Rasoamanana, teratany Malagasy mipetraka any ivelany.*

**Helisoa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Bus class, bus 1000, teleferika

# Fitaterana tsy mahavaha olana sy fampandriana adrisa

Hita sy tsapa tamin'ireo mpandeha mifamezivezy eto an-drenivohitra sy ny manodidina, fa tsy ampy vola ny ankamaroan'ny olona, ka dia aleony mandeha an-tongotra hatrany toy izay mandeha fiara fitaterana raha mbola mety sy azo atao. Tsotra ny nambaran'ny zokiolona iray sendra ny gazety teo Anosy, nanao hoe: ny mandeha an-tongotra sady fanatanjahantena, no fitsitsiana ny vola kely ananana, nefa mba haingana ihany koa raha ny fitohanana etsy sy eroa no jerena, satria avy eny Analakely izy vao maraina tokony ho tamin'ny 9 ora teo, nefa izy indray no tonga aloha teny amin'ny fitsarana Anosy noho ny fiara fitaterana taksibe iray raha niara-niala teo anoloan'ny Fjkm Analakely teo. Nanamafy ity rangahy, fa fatiantoka ara-bola sy ara-potoana ireny raha mbola mikiry mandeha fiara fitaterana na taxi hatrany izy raha izany, hita porofo avokoa izany rehetra izany. Nisy koa ramatoa iray tafaresaka tamin'ny mpanao gazety teo Anjoma teo, nilaza fa asa fitaterana tsy mahavaha olana, tsy misy tombontsoa raha iny "bus class " iny, satria raha miala eo Analakely ka ho eny Ilafy Avaradrano izy sy ny zanany, ka handeha iny fiara lazaina fa manara-penitra iny, dia efa ahitana elanelany 1500 Ar sahady ny saran-dalana tokony haloa, raha oharina amin'ny fitaterana tsotra, izany hoe: raha manao miverin-droa amin'ny fiara taksibe tsy class izy mianaka, dia mba 1400 Ar fotsiny ihany, nefa raha "bus class" io no nandehanana, dia 6000 Ar sahady. Teo dia nanamarika ity ramatoa sendra ny mpanao gazety, fa mbola ho mafy noho ny mafy ny vola hivoaka, lany, raha iny teleferika iny koa no handehanana, satria, ny fotoana hakana azy dia efa olana ho anay eny Ilafy ohatra, sarotra ny haka azy eny Ambatobe na Analamahitsy raha ho eny Soarano na Anosy ohatra, ho very fotoana, lany vola, ka dia aleo mandeha taxi-moto indray raha voatery. Tsorina fa raha 4000 Ar ny saran-dalana teleferika ohatra, dia ho henjana ny vola lanin'ny tokantrano iray raha izany, aiza koa ireo bus 1000 nambara fa ho avy eto, sa atao fanaovana propagandy indray amin'izao fifidianana ho avy izao? izay tsy mahavaha olana sy fampandriana adrisa fotsiny ihany raha jerena.

**Beharo**

Mishah Rasolofo

# Simba ny foto-pisainana eto amintsika, hiverina hampianatra eny ifotony ny PFSCCM

Mijoro amin'izao fotoana ny PFSCCM : Plateforme de la Société Civile pour le Changement de Madagasikara, na vovona fiarahamonim-pirenena ho an'ny fanovana eto Madagasikara, tarihan-dRamatoa Mishah Rasolofo. Vovonana firaisamonim-pirenena efa misandrahaka eto amin'ny Nosy, neutre na mijanona ho hery afovoany ary mipaka amin'ny vahoaka eny ifotony ny asany. Simba ny mentalité na ny foto-pisainana eto Madagasikara ankehitriny, anisan'ny hataon'ny PFSCCM ny hiverina hampianatra eny ifotony, hanarina izay foto-pisainana simba izay. Hery afovoany ny PFSCCM, satria raha tsara ny ataon'ny mpitondra dia mitehaka amin'izany izy ireo, fa raha ny mifanohitra amin'izay, mitondra tsikera ho fanitsiana ny dia ity vovonana ity. Taloha na zaza 7 lahy sy 7 vavy aza velon'ny ray aman-dreny hoy Mishah Rasolofo ; ankehitriny anefa, zaza 2 tsy velona na sarotra ny mamelona izany, misy tsy mety mila harenina izany hoy izy, ka mila fampianarana sy fanofanana ny vahoaka, satria misy zavatra tsy voafehy ao, toy ny tsy fahafehezan'ny mpitondra amin'izao ny fitantanam-pirenena. Ny miasa no ampian'ny PFSCCM, fa ny tsy manao zavatra. Natsangana manerana ny Nosy ny vovonana, satria misy tsy maty manota eto amin'ny firenena, misy tsindry hazolena, indrindra amin'ny vehivavy ; maro ny tanora tsy an'asa, misy ny olo-mahay nefa mivarilavo amin'ny zava-mahadomelina, hijoro hiady amin' izany rehetra izany ity vovonana ity.

### Mitovy zo

Ankoatra izany, misy ny fiheverana diso ho an'ny olona sasany ankehitriny : ny filazana fa mitovy zo ny lahy sy vavy, tsy midika fa afaka manao izay rehetra tiany atao ny vehivavy. Misy fetrany izay fitovian-jo izay. Ao an-tokantrano, mijanona ho loham-pianakaviana foana ny lehilahy, noho izay antony izay, mila fanofanana manokana ny Andriambavilanitra : hampahafantarina azy ny toeran'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina ; na izany aza, mila mahaleotena avy eo ny vehivavy. Manaraka ny raharaham-pirenena koa ny PFSCCM, mahakasika ny resaka fifidianana : mandeha, tsy mandeha izany hoy Mishah Rasolofo, misy aza ny milaza fa mbola hisy tetezamita, ny datim-pifidianana koa mbola tsy mivoaka, ka sarotra ny hiteny ny momba izay resaka fifidianana izay. Ny fanirian'ny PFSCCM hoy izy : aoka handeha ara-dalàna tsy hisy hosoka izany fifidianana izany ary ny safidim-bahoaka no tena hivoaka. Amin'ny maha-hery afovoany ny PFSCCM, hiteny ny mety sy ny tsy mety izy ireo, satria mety samy tsy hanaiky ny kandidà sy ny mpanao politika ao aoarin'io fifidianana io, noho izany amafisiko ihany, aoka ho tena ny safidin'ny vahoaka no hipoitra.



*Ramatoa Mishah Rasolofo avy amin'ny PFSCCM.*

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 60

# 5 taona tsy mahavaha ny olan'ny jiro sy rano


Afaka 60 andro sisa (J- 60) dia hametra-pialana ny filoha Andry Rajoelina, raha hirotsaka hofidiana ho filohampirenena indray. Anisan'ny nanamarika ny fitondrana ny tsy ahavahany ny olan'ny jiro sy rano saika manerana ny Nosy mihitsy nandritra izay 5 taona latsaka izay.
Efa ho 5 taona tokoa izao no nipetrahan-dRajoelina Andry Nirina sy ireo mpiaradia aminy jamba sy marenina manoloana ny aretina maro mikiky ny sehatra rehetra eto amin'ny Firenena. Kikisan'ny aretin'ny fahantrana ny sivifolo isanjato maherin'ny vahoaka Malagasy, ka tsy mahavidy ny sakafo sahaza azy intsony. Bokan'ny trosa ireo mpampianatra an-tselika (vacataires) eny amin'ny Anjerimanontolo, satria tsy voaloan-dRajoelina Andry Nirina ny karamany ary mifanindry an-dàlana amin'izany ny tambikaraman'ny mpitsara sy mpiandry amin'ny fanadinana bakalorea. Efa an-taonany ihany koa no tsy voaloan'ny fitondrana ny karaman'ireo orinasa aman-jatony maro nanamboatra na nikojakoja làlana, satria tsy hita trasy na nanjavona ny vola tao amin'ny "fonds d'Entretien Routier", izay novaina anarana ho "Fonds Routier". Nopotehin-dRajoelina Andry Nirina sy ny governemanta ny orinasam-pirenena Air Madagascar, ka nametrahana ny namana mpiara misaosy ho mpitantana ny orinasa Madagascar Airlines, izay sahirana tokoa amin'izao fotoana izao satria bokan'ny trosa ihany koa. Tsy vitan'izay, fa nampidiran-dRajoelina Andry Nirina viriosy avokoa ny sehatra rehetra, ny viriosin'ny "velirano" no nafafiny ka tsy nisy namaka na iray aza. Anisan'ny velirano nataon-dRajoelina Andry Nirina ny fanamboarana ny Làlampirenena faha-13 satria angamba io no mifanandrify amin'ny laharana nomena azy tamin'ny fifidianana ny taona 2018. Tsy vita izany Làlampirenena izany kanefa matikambo izy, fa tsy hanao politika intsony raha tsy vita io ka tsy maninona izany fa efa tsy afaka hanao politika eto Madagasikara intsony izy, satria efa hody any Lafrantsa tanindrazany. Ny tena aretina nafafin-dRajoelina Andry Nirina eto amin'ny Firenena ny viriosin'ny "delestazy", izay nanaovany velirano fa manana ny vaksiny fanefitr'izany izy ary hampitomboiny 400 megawatts ny 400 megawatts efa nisy talohan'ny 2018. Porofon'izany dia lanin'ny viriosy ny tetikasa Sahofika sy Ivolobe izay tokony namokatra herinaratra azo avy amin'ny tohadrano (énergie hydroélectrique) izay tsy ilàna solika. Dimy taona izao no niara-niaina tao anatin'ny fahatahan'ny jiro tsy nisy fitsaharana sy nitombo andro aman'alina manerana ny Nosy na dia tsy nisy fitsaharany koa aza ny fanoloana ny minisitry ny angôvo sy ny tale jeneraly ny orinasal Jirama. Na nisy aza ny fampanantenana fa hifarana ny delestazy nialohan'ny fankalazana ny fetin'ny 26 jona farany teo dia nandalo fotsiny izany ka niverina indray ary niha-mafy. Notendrena ho Filohan'ny Filankevi-pitantanan'ny Jirama ny tale jeneralin'ny SPM. Tsy nampiova na inona na inona izany kanefa dia notendrena ho minisitry ny Angôvo sy Akoranafo indray. Tsy mazava ary tsy hazavaina mihitsy na mbola tale jeneralin'ny SPM sy Filohan'ny Filankevi-pitantanan'ny Jirama, no sady minisitra ity olona mahazo avarapatana ao an-dapa ao ity. Nanaovana dokambarotra goavana ny "jiro mora" kanefa ny efa manana jiro ao an-tokantranony sy ny mivelona amin'ny fampiasana rianaratra aza sahirana noho ny delestazy tsy misy fiafarany sy maharitra ora maro. Mitohy ny tetikasa teleferikan'ny filohan'ny Repoblika, na dia tsy eken'ny mpivarotra sy ny mponina amin'ny toerana handalovan'izany fitaovam-pitaterana izany, ka hametrahana andrim-by aza. Tsy vitan'izay fa na ny filoham-pirenena frantsay aza dia nanakiana mafy ity tetikasa ity, satria araka ny filazany, izay marina tsy iadian-kevitra, dia "tsy loharanom-bola hampiakatra ny harinkarena faobe sy hampidi-bola ao amin'ny kitapombolam-pirenena sady tsy hiteraka asa ho an'ny mponina". Niseho tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina ny minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina ny alakamisy teo, ka nanambara fa tsy maintsy hahitana vahaolana ny resaka delestazy kanefa tsy ho rahampitso izany na afaka telo volana izany na dia miantso "manager" hanarina ny Jirama aza izao fitondrana Rajoelina Andry Nirina izao. Tsy misy mahay fanova-maso (magie) eto, ka ny zavatra tsy vita tao anatin'ny 5 taona dia ho tanteraka ao anatin'ny 5 volana.

***Andry Tsiavalona***

**DIOSEZIN'ANTSIRABE**

# Mgr Jean Pascal Andriantsoavina no Eveka vaovao

Mgr Jean Pascal Andriantsoavina no Eveka vaovaon'ny Diosezin'Antsirabe, ho an'ny finoana katolika.
Notendren'ny Papa Fransoa ho Evekan'ny Diosezin'Antsirabe i Mgr Andriantsoavina Jean Pascal, Eveka mpanampy amin'ny Diosezin'Antananarivo ankehitriny.
Toy izao ny momba azy :
- Teraka ny 24 martsa 1969 tany Mahajanga i Mgr Jean Pascal Andriantsoavina. Nobeazina tao anatin'ny fianakaviana votom-pinoana izy. Tao Mitsinjo Mahajanga izy no nanomboka ny sekoly fanabeazana fototra ary nanohy izany tany Antsirabe. Avy eo nanohy ny sekoly ambaratonga voalohany sy faharoa tao Ambohimangakely sy Lycée Jules Ferry Antananarivo.
- Taorian'ny nahazoany ny maripahaizana Bakalorea no niditra tao amin'ny seminera Zandriny Ambohipo izy. Ny taona 1991 izy no noraisin'ny Seminera propédeutique, Ambohipo ary herintaona taorian'izay, no nanomboka nandalina ny filôzofia tao amin'ny Seminera zokiny tao Antsirabe. Avy eo nanao ny fianaran'asa na stage de régence tao amin'ny Seminera Aivo Amboara Ambohidratrimo ny taona 1995- 1997.



*Ny Eveka vaovaon'ny Diosezin'Antsirabe.*

- Ny taona 1997 no nanomboka nandalina ny teolojia, ka izy ireo no nanokatra ny Seminera zokiny fandalinana Teolojia Faliarivo- Antananarivo.
Nanao ny asa fanompoana nandritra ny diakra tao amin'ny Fivondronan'ny Eokaristikan'ny tanora-Diosezin'Antananarivo izy ary nohamasinina ho pretra ny 05 aogositra 2000.
Maro ny asa fanirahana nankinina taminy :
- Vao avy nohamasinina ho pretra izy dia notendrena ho vikera sy ômonien'ny Ekipa Kristianina Ankehitriny (EKA) tao amin'ny Paroasy Katedraly Andohalo nandritra ny herintaona, ary ômônien'ny Tanoran'ny Fiangonana katolika teto amin'ny diosezin'Antananarivo ny taona 2001 ka hatramin'ny taona 2003.
- Nanomboka ny taona 2003 izy no nandalina ny Soratra masina tao amin'ny Institut Pontifical Biblique tao Rome, ary ny taona 2007 no nahazo ny mari-pahaizana Licence canonique momba ny Soratra masina, tamin'ny fikarohana mitondra ny lohahevitra hoe « ny Iraka nampanaovina ny Zanaka », nalaina tao amin'ny Mk 12, 1-12, teo ambany fitarihan'ny Professeur Klemens Stock, zezoita.
- Ny taona 2007 ka hatramin'ny 2011, voatendry ho Préfet des Études tao amin'ny Seminera zokiny Antsirabe izy, sady mpampianatra momba ny Soratra masina sy ny fiteny hebreo sy grika tao amin'ny Seminera zokiny Antsirabe sy Faliarivo ary tao amin'ny Université catholique de Madagascar.
- Ny taona 2011 no notendrena ho Rektoran'ny Seminera zokiny, fandalinana filôzofia tao Antsirabe, ary niandraikitra izany hatramin'ny taona 2018, fotoana nanendrena azy ho curé tao amin'ny Eglizy « Notre Dame de l'Assomption » -Imerinafovoany.
- Nanomboka ny martsa 2019 izy no namerina ny fandikana ny Baiboly katôlika amin'ny teny malagasy.
- Ny 08 jolay 2019 izy no notendren'ny Papa François ho Eveka mpanampin'Antananarivo ka nohamasinina ho Eveka ny 11 aogositra 2019.
- Mgr Jean Pascal no nofidian'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara hisolo tena azy ireo amin'ny Sinaodan'ny Eveka hotanterahina any Roma ny volana oktobra 2023, izay efa nitarika ireo ekipa malagasy nandray anjara tamin'ny sinaody kontinantaly momba ny Eglizy miara-dia tany Addis Abeba- Éthiopie ny volana martsa 2023 lasa teo.
- Nanomboka hatramin'ny taona 2007 ka hatramin'izao dia manolotra fandaharana momba ny fandalinam-pinoana ao amin'ny Radio Don Bosco i Mgr Jean Pascal Andriantsoavina.
- Omaly 10 Jolay 2023 izy no notendren'ny Papa François ho Evekan'ny Diosezin'Antsirabe.

***Stefa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Sarotra tsy mety arovana intsony ny fitondrana Rajoelina




**Arphine Rahelisoa Helisoa :** sarotra rangahy sy tsy azo harovana ny fitondrana Rajoelina a!

**Ny Raozy Razafimbola :** arovana hatao inona koa moa raha efa membo io.

**Zacharie Rakotoarisoa :** tsy mandalo ny saiko 1 segondra akory ny hiaro an'io.

**Tahina Mahandry :** sarotra anie izany miaro olon-gegy zany e! Mahita raha hafa hatao ihany.

**Charles Bemanara :** sady tsisy andany lera amzany raha tsy ny mahazo ranondranony milampisaky ao aminy ihany.

**Location Nyandry NY Andry :** hiaro zavatra ratsy ve o !

**Lantofb Rasolo :** f'angah lasa miaro ndray koa ty nareo e !

**Alice Hantanirianarivelo :** fitondrana mampaory vahoaka koa ve ho arovana, fa ianareo koa dia misahirana be!... ny vahoaka ange tsy mila mpisolo vava eh ! mahafantatra ny zavatra rehetra iainany isan 'andro izy... reraka eo foana ianareo izay manampim- bava azy ireo!

**Faly Arison :** hanitsy kely fotsiny e!"MIARO " fa tsy "MIHARO".

**William Randriamahaleo :** mora ka : mamoron-dainga sy miteniteny foana dia vita...

**Journaliste Randriana Solo :** antegna no menatra !

**Antsa Andrianarilala :** hita hoa ! Tsy voaaron'ny ministra Lalatiana intsony e !

**El-Dani Rakoto :** tsisy fika tsony ngah ?

**Tovo Miharisoa :** fitondrana bobongolo.

**Feno Harison :** notondrahany kerozene indray ilay afo ity, loza!

**Ramiandrisoa Erico :** tsy mora ny manamainty ny fotsy e ! nefa tsisy loko handokoana azy akory fa terena fotsiny hoe mainty io ry vahoaka a !

**Harinaivo Ratrimoarikoto :** hihihiiii !

**Rivojaona Raherimihaja :** trano tsisy fototra ve arovana tsy hirodana e ?

**Koly Rakotoarisoa :** vao mainka mandetika an-dRajoelina ny nataon'i BM.

**Tolotra Havana :** efa tsy mety arovana eky fitondrana Rajoelina, fitondrana vazaha taratasy !

**Mohamed Idriss :** 5 ans tsy mahita solution amin'ny jiro ndreky rano, fotoana hely handrasan'olo-jiaby dia bye-bye Rajoelina. Le pouvoir appartient au peuple.

**TONONKALO**

## Voafitaka izahay

N'inona n'inona ambara dia voafitaka izahay,
Satria tsy niomana hifidy olon'ny frantsay !
Ny anay dia gasy tena gasy , raha ahitsy : « gasy petaka »
No takianay ho filoha fa tsy vazaha mpampifotetaka !

N'inona n'inona ambara dia voafitaka izahay,
Na iza hilaza ny filoha ho « gasy reny gasy ray »,
Satria ny sainy efa nisidina ary lasana niriotra,
Tsy nijanona ho gasy fa nivadika ho « safiotra » !

N'inona n'inona ambara dia voafitaka izahay,
Raha nihevitra ny toa an'io ho gasy kinga sy mahay,
Satria rehefa nifandimby na ny taona na ny volana,
Dia mazava f'io dia « aotra » sy tsy manam-bahaolana !

N'inona n'inona ambara dia voafitaka izahay.
Tsy hoe mivoady , sanatria, kanefa kosa tena fay,
Fa raha izay io sy ny toa azy no hikiry mbola hilatsaka,
Dia tsy mendrika intsony fa « mpandainga » sy « mpitsatsaka » !

***TSIMIMALO (06-07-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa, Helisoa

Nihaona nivantana tamin'ireo mponina tany Marovoay faritra Boeny ny filoha Marc Ravalomanana ny faran'ny herinandro teo, nanazava voalohany ny MAP PLUS.





Didimpoitra maimaimpoana faobe, nokarakarain'ny depiote Todisoa Andriamampandry, tao Ambatolampy Ambohimanarina ny sabotsy teo. Aman'arivony no tonga ary nisy olon-dehibe 5, no nisitraka izany didimpoitra maimaimpoana izany. Nahazo malabary sy kilalao ireo ankizy.





Kaominina Antafiambotry Nosy Faly distrikan' Ambanja faritra Diana. Nitokona ireo vahoaka mpanjono an-dranomasina, tsy manaiky ny ataon'ireo vahiny mpanjono an-tsokosoko any an-toerana... Efa nisy lalàna manan-kery napetraky ny mpitondra mahakasika tsy fahazahoana manjono amin'ny alina nefa mbola misy mandika izay lalàna izay ireo vahiny any an-toerana.






Didimpoitra faobe maimaimpoana, nokarakarain'ny Solombavambahoaka Feno Ralambomanana ao amin'ny Boriboritany faha-3, tao Bel'Air ny sabotsy teo.





## NY TENY FIAINANA

*"Izay hendry am-po no handray ny didy; fa ho lavo ny adala maro vava."*
**Ohabolana 10:8**

### Ankoay U19. Amad Tombovelo Achiraf

# Manapotsitra ireo marary ao amin'ny Federasiona ny basikety

***Manazava ny anton'ny fametraham-pialan'i Coach Mémé, mpanazatra ny Ankoay U19 basikety, nandray anjara tamin'ny fiadiana ny amboaran'ny tompon-daka eran-tany tany Hongrie farany teo, i Amad Tombovelo Achiraf, solontenan'ny Federasiona Malagasy ny Basket-ball any ivelany, any Frantsa, manapotsitra koa izy ny marary ny Federasiona ny basket-ball Malagasy.***

« Miala tsiny raha mandefa ity fanambarana ity ny tenako, noho ny zavatra iarahantsika mahita miseho maro be amin'ny réseau socio, momba ny fialan'ny Coach ny Ankoay Mr Mémé. Ny tenako Amad Tombovelo Achiraf, President Commission des Relations Internationales de la Fédération Malagasy de Basket Ball (FMMB), izay misahana ny adidy sy andraikitra rehetra ny FMBB aty ivelany.

Raha ny fijereko manokana aloha, tsy manome tsiny mihintsy zaho raha nametra-pialana ny Coach ny Ankoay, fa ilay izy ny olona ivelany tsy mahafantatra ilay izy, ka aleo asehoko mazava tsara eto ilay izy: tsy resaka joueurs na resaka match na resaka résultat ilay izy, fa resaka entre FMBB sy coach foana, ny President de la Fédération dia hitako lasa te manambony tena be ilay izy ary te manambanimbany ny namana, lasa karaha ohatra ny Andevo nazy iny ny Coach-ntsika, mafy ange zaka teneniny amin'ny coach io e ! raha sanatria zanany na vadiny coach zao maheno zavatra jiaby lazainy President aminazy io dia ahoana hoy ireo? Ohatra ry havana, tadidio fa boribory ny tany, ary mihodina ny tany, androany anao manambola be mety rahampitso anao tsy misy, aza atao ohatra ny alikanao kosa ny olona sasany raha tsy manana tahaka anao.
Lazaiko aminareo eto mazava tsara ny zavatra misy sy mandalo entre zahay amin'ny FMBB, sy ny zava-niseho nandritra ny séjours-n'ireo Ankoay ireo taty en France nanao iny stage ou formation vandivandy kely teo iny. Betsaka ny trosa ny Fédération taty en France dia lasa niverina any Madagascar ireo dia zaho aty no mi-subir ilay conséquence-n'ilay izy, lasa zaho foana no mandoa izy rehetra satria nahoana? Satria President FMBB no milaza amiko fa payer foana ilay izy, fa avy eo ho averiko ny volanao, kanefa lasa vola maty iny, tsy misy vola averina zany.
Nisy ireo basket 3x3 ireo nandeha nanao coupe du monde seniors ireo, tsy nividin-dreo chaussure or efa io edy mba avantage azon-dreo mpilalao rehefa mandeha manao compétition, nilaza indray ny President fa avancé foana ilay izy, heureusement nisy olona tsara sitra-po niantoka ny sasany dia nampiako ilay izy kanefa tsy nisy remboursement… Ny mahagaga ange depuis saison commence President milaza amiko aty foana hoe jamais nisy fanampiana avy amin'ny Ministre zany, tsy misy fanampiana avy amin'ny President zany, signature zany tsy ataon-dreo patati patata, fantako ilay izy lainga satria izy malaina handoa volako. Tena mba miangavy aminareo mpitondra Fanjakana ao an-toerana zaho, mba jereonareo akaiky ny fizotran'ny FMBB io surtout amin'ny resa-bola satria hitako tsy logique zany hoe Basket 3x3 handeha hanao coupe du monde dia FMBB tsy manana 2 millions d'ariary hividianana chaussure-ndreo mpilalao ireo…
Manaraka zay dia mba jereonareo ny Responsable Marketing et logistique ao, fa maro zavatra voaray-ndreo, fa hafenina- ndreo entre ireo ao, misy milaza



*Amad Tombovelo Achiraf, solontenan'ny FMMB any ivelany.*

hoe tsy mety lazaina amin'ny namana hoe iza ilay Partenariat nanome ilay zavatra. Mba hitan-dreo possible ve, zaho membre élu FMBB izay misolo tena aty, même tee shirt Ankoay iray tsy omen-dreo zaho, rehefa niteny mafy be ireo zaho dia lasa i President nilaza tamin-dreo fa omeonareo izy, fa izy mba anisan'ny nikarakara mafy ireo zaza ireo tao en France, nijery tee- shirt efa avy nisikinana ny olona iny nomen-dreo zaho, survêtement ny President efa avy nisikinany nomeny zaho, lasa aiza ary ny fitaovana jiaby? Hamidyndreo, atao-ndreo fitadiavam-bola-ndreo…
Ambarako ampahibemaso eto fa raha tsy voaloan'ny federation malagasy de basket- ball ny volako dia tsy manao zavatra ny federation mihintsy ny tenako aty. Zaho ange olona mba manana vady aman-janaka tahaka ireo, fa tsy handeha atao Andevo ny President aty hoe, ka izay zavatra tiany ho atao ka tsy mety amiko dia ataoko foana. Io ange ny problème- nay amin'ny FMBB ao any Madagascar izao e ! Misy olona roa eo mahavita misolelaka izy même efa ataony amin'ny felan-bitiny fa zaho Amad Tombovelo Achiraf, Non. Teneniko mazava eto koa, fa raha tsy miova ilay mentalité ny President FMBB dia ohatran'io ihany ny Niveau Basket- ntsika Malagasy. Aiza ve izy no President, izy no mandidy sy manapaka sélection joueurs, izy mi-designer, izy délégation mandeha… sns izy daholo . F'angaha tsy manana andraikitra izy amin'ny hoe maha President izy? Sao dia misy milaza fa lainga ireo zavatra teneniko ireo, dia tongava aty amiko miresaka mivantana, fa mbola tsy jiaby no tantaraiko ity.
Aza matahotra anareo, fa zaho membre élu de la FMBB.
Zaho nikarakara ireo Ankoay ireo nandritra ny séjoursndreo taty en France, fa tena be dia be ny fahasahiranana taty, ny vola asitrika- ndreo avy any , aleo ho hitan'ny be sy ny maro mahalala ny zava-nisy taty.

***Lita***

### Tsipy kanetibe Grand Open Solidarité 2023

## Nahoraka ny teny Ampitatafika

Tontosa teny amin'ny Boulodrôme PAC Ampitatafika, tamin'ny sabotsy 8 sy tamin'ny alahady 9 jolay 2023 teo ary nahoraka dia nahoraka, ny fifaninanana tsipy kanetibe « Grand Open Solidarité 2023 », nokarakarain'ny FSBM, natao indrindra hifantenana an'ireo mpilalao hisolontena antsika Malagasy amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023. Tafavoaka ho mpandresy teo amin'ny sokajy Sénior lehilahy i Hery sy Kelly ary Mika (C2ba), nandresy an'i Daddysy Tiana ary Jacky (Bic) 13-03 teo amin'ny lalao famaranana, teo amin'ny sokajy Séniors vehivavy : i Tiana sy Tsiory ary Fanja (Cbt) nandavo an'i Jhasly sy Hasina ary Judicaël 13-06 teo amin'ny lalao famaranana. Teo amin'ny sokajy « jeunes » : i Patrick sy Nathanaël sy Fetra nandresy an'i Mampandry sy Dylan ary Feno tamin'ny 13-05 teo amin'ny lalao famaranana ary teo amin'ny sokajy « Vétérans » : i Mamy sy Ndrema ary Lambert nandavo an-dRabetiarivony sy Honoré ary Zozo 13-11 teo amin'ny lalao famaranana ihany koa.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




Saosisy sy ovy ritra, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fandevonana ny goitre


Fomba natotraly fandevonana ny goitre, na fivontosana amin'ny tenda indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina : anandrano.
Fanomanana :
Totoina ilay anandrano dia ilay raviny voatoto malemy iny atao eo amin'ilay faritra misy goitre ary avela mandritra ny 2 ora na mehery tsy maninona. Izay vao sasana amin'ny rano matimaty.
Atao isan'andro rehefa afaka vao mijanona.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Anjahamana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Anjahamana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Anjahamana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny ampalibe, ny soanambo.



NITOKONA NY MPIASAN'NY CUA

# Tsy mbola nahazo ny karamany volana jona

Nitokona ny mpiasan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly, satria mbola tsy azo hatramin'izao ny karaman'izy ireo tamin'ny volana jona lasa teo iny. Sahirana ireo mpiasan'ny kaominina, nahatonga azy ireo nijanona tsy niasa izao. Misedra fahasahiranana tokoa ny CUA, tarihan'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina ankehitriny, hita ihany koa izany amin'ny fivangongoan'ny fako amin'ny faritra maro eto an-drenivohitra : maloto ny tanàna. Tamin'ny fitondrana teo aloha, toy ny tamin'ny nitondran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana anefa, eo amin'ny manodidina ny faha-20 ny volana eo dia efa nandray ny valin-kasasarany ny mpiasan'ny kaominina. Voalaza fa nihaona tamin'ny mpiasa ireo mpitantana ny CUA omaly hariva, ho hita eo ny ho tohin'ny raharaha.



*Mpiasan'ny CUA nitokona tetsy Analakely omaly.*

***Niaina***

Firaisamonim-pirenena

# Hanaramaso ny fisitrahan'ny olona ny zony

Ho fanamafisana ny fahafahan'ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena (CSO), hanamora ny ezaka fanentanana amin'ny alalan'ny fametrahana fiaraha-miasa amin'ny manam-pahefana ho fiarovana ny zo maha olona dia nisy ny atrikasa ny 03 hatramin'ny alakamisy 06 jolay 2023 teo nokarakarain'ny Alternatives Madagascar, izay fikambanana miasa amin'ny famahana ny olan'ny fiaraha-monina sy ny fanontaniana mifandraika amin'ny maha-olombelona, tao amin'ny Centre Ecotourisme Menabe Morondava. Fotoana nanaovana tantsoroka nanomezana teknika amin'ny fandrafetana tatitra hafa na «Shadow report », teo koa ny fifanakalozan-kevitra hanatsarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny OSC sy ny manampahefana ary ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny sehatra maro, eo amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, hanatsarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra nasionaly. Nandritr'izany no namoahan'ireo solontenan' ny firaisamonim-pirenena ny olana sedrain'izy ireo, sy ny ny soso-kevitra avy amin'izy ireo ary teo koa ireo tompon'andraikitra solontenam-panjakana eto Menabe, izay nanazava ny fomba fiasa sy ny fandraisana ny hetahetan'ireo firaisamonim-pirenena, manoloana ny fiarovana ny zon'olombelona, ka tanjona tamin' izany ny hahafahan'ny firaisamonim-pirenena manaramaso ny fandraisan' andraikitry ny mpitondra fanjakana amin'ny fampiharana ny fisitrahan'ny olona ny zony.



*Atrikasa momba ny zon'olombelona natao tany Morondava faritra Menabe.*

***Rajepa***

Morondava

# Mpianatra 2 tratra nanao hosoka tamin'ny BEPC

Andro vitsy mialohan'ny fanadinam-panjakana BEPC dia niparitaka tamin'ny tambazotransserasera, fa misy manana lazaadina, ka izay mila dia mandefa Mp amin'ilay mpanao publication, maro ny roboka. Nandray ny andraikiny ny fanjakana, ka nisy ireo tratra ary nambara tamin'izany, fa laza adina hosoka fa tsy ilay hampiasaina amin'ny fanadinana BEPC 2023 ity ireo niparitaka, ka dia nangina teo ny rehetra. Raha ny zava-nisy anefa dia tena nisy ireo laza adina nivoaka alohan'ny fotoana, ka isan'ny nahazo izany ireo mpiadina 2 lahy izay tratra tao amin'ny foibem-panadinana Lycée Pôle Morondava faritra Menabe. Raha ny fizotran'ny nahatratrarana azy dia niera nivoaka, ka tojo tamin'ny chef de centre nanao fisafoana, hita tamin'izany fa vakiraoka efa feno valina laza adina Physique no tany aminy, izay tsy soratanany, ka noentina natao fanadihadiana izy roa lahy ireo, tamin'izany no nahafantarana fa mpampianatra no nahazoana azy ary maro koa ireo anarana notononon'izy ireo ; raha nanatona ny chef de centre izahay dia nilaza izy, fa nisy tokoa ny tranga, fa saingy tsy misy azony ambara fa efa nanao tatitra any amin'ny rantsamangaika isan'ambaratonga izy dia miandry ny fanadihadiana sy ny fanapahan-kevitry ny minisitera hoy izy. Raha ity tranga ity no jerena dia hita fa goragora ny fitantanana sy ny fiarovana ny tsiambaratelon'ny fanadinam-panjakana ary manjaka ny gaboraraka, saingy ezahin'ny ministera hafenina izany, ka sarontsaronana amin'ny hoe : tsy tena laza adina iny niparitaka iny nefa dia voaporofo izao fa dia misy ao amin'ny tompon'andraikitra izay mikirakira ny fanadinana ao amin'ny minisitera mamoaka sy mivarotra mialoha ny laza adina, ka araky ny fanadihadiana izay nataonay no nahalalana fa 30.000 ariary hatramin'ny 50.000 ariary ny hamarotan'ireo tsy matahotody ny laza adina iray. Nandritra ny fanadihadiana izay natao ihany koa no nahafantarana fa maro ireo mpiadina no efa nahazo laza adina mialoha, satria nifampizara ireo mpianatra, ka ny laza adina Physique-Chimie sy Malagasy ary Mathématique no tena niparitaka ary ireo koa no tratra tao amin'io foibem-panadinana Lycée Pôle Morondava. Ahiana ho very an-javony ny fanadihadiana mikasika ity raharaha ity, satria raha ny zavamisy dia tsy misy fepetra noraisin'ny minisitera afa-tsy ny hoe atao ny fanadihadihana ; ny fitsarana dia efa mandeha raha saika tsy nandeha nohon'ny savorovoro naterak'io fahatratrarana mpianatra nanao hosoka sy ny nisian'ny mpampianatra izay voatonona amin'ity hosoka ity. Mety hivoaka rahampitso ny voka-panadinana ho an'i Morondava. Izay ny an'i Morondava, fa nisy olana koa ny tany Mahabo, satria dia nitokona tsy nety nitsara ny fanadinana ireo mpampianatra noho ny tsy mbola nandraisan'izy ireo ny vacation tamin'ny taona lasa, ka nidina tany ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena ato Menabe, nijery ny vahaolana sy ny marimaritra iraisana, ka ny sabotsy teo no nanomboka ny fitsarana ny fanadinana BEPC ho an'ny tao Mahabo.



***Nandritra ny fanombohan'ny fanadinana BEPC tao amin'ny Lycée Pôle Morondava.***

***Rajepa***

Njila sy Poopy

# Hiaka-tsehatra etsy Antsahamanitra amin'ny 6 aogositra

Raikitra ! Ny tolakandron'ny alahady 06 aogositra ho avy izao, etsy Antsahamanitra, no hanatanteraka rindran-kira, i Njila sy i Poopy. Seho tohin'ireo hetsika entin'i Poopy nanamarika ny faha- 40 taona nihirany izy ity, hoy ny « Evencia production » mpiketrika ny fampisehoana. « Tamberin-kira an-tsehatra », io no lohahevitra iompanan'ny fampisehoana. Hitamberina eny Antsahamanitra avokoa, araka izany, ireo karazana fihetsehampo sy fientanana nisy tany amin'ny 40 taona lasa rehefa nandre ireo sanganasan'i Njila, izay matetika niarahany nikalo tamin'i Poopy mandrakariva. Nomarihan'ny mpikarakara, fa ho matihanina tanteraka ny fampisehoana. Anisan'izany ny fampiasana fanamafisam-peo, jiro sy hazavana raitra sy matanjaka izay iarahana miasa amin'ny « Sonate ». Hiantsoroka ny haingo an-tsehatra ny « Sandrify ». Anisan'ny fampiaraham-peo nanana ny maha izy azy ary mbola mitoetra mandraka ankehitriny ny fiarahana mihira eo amin'i Njila sy i Poopy. Nameno izany ihany koa ny tononkira tsara rafitra nojarian'i Njila. Maro ireo efa tsindriandaona fatratra miandry ny higadonan'ny alahady 06 aogositra higohana indray ny fahafinaretana, sy hanembonana ny lasa hahafahana miatrika ny ankehitriny sy hibanjinana ny hoavy amin'ny alalan'ny fanjifana ny kanto hozarain'i Njila sy i Poopy, etsy Antsahamanitra. Ny masoandro maty no hampalahelo !

***Lalasoa Razafindrakoto***



*Njila sy Poopy.*

Tarika WAWA 20 taona

# Homarihana amin'ny faha-10 taonan'ny Festival Somarôho

Hanamarika taon-jobily roa sosona ny tarika Wawa amin'ity taona 2023 ity dia ny faha-20 taona niforonan'izy ireo, sy ny faha-10 nanatanterahany niaraka tamin'ny Wawa filohany ny «Festival Somarôho » nampitondrana ny lohateny hoe : «Festival Somarôho Océan Indien », noho izy nanasana mpanakanto kalaza iraisam-pirenena avy any Maorisy sy Mayotte ary avy any Frantsa ihany koa, toa an-dry Alaina Ramanigom sy Zily ary i Serg'Z. Fantatra teny amin'ny « Campus Telma Andraharo » omaly alatsinainy 10 jolay 2023, fa hiavaka ihany koa ny hetsika amin'ny hisarihana an'ireo loka lehibe toy ny fiara 4x4 sy Moto amin'ny faha-21 jolay 2023 ho avy izao. Araka ny maha «Festival» azy dia hisy an'ireo hetsika maro samihafa fanao amin'izay mahazatra ity « Fetsival Somarôho 2023 » ity toy ny «Carnaval lehibe », ny seho ara-javakanto (amin'ny 03,04 ;05 ary 06 aogositra 2023) ary ny hetsika ara-panatanjahantena samihafa, sy ny fampahafantarana ny ambaindain'ny maha-izy azy an'i Nosy Be toerana hanatanterahana ny hetsika, ka anisan'ny hanombohana azy ny « Soirée d'Ouverture » ho tontosaina amin'ny 02 aogositra 2023 alina, aorianan'ny «Caranaval » mamakivaky ny tanàna.

***Rainilita***



*Wawa (ankavanana).*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**08/07/2023 hatramin'ny 15/07/2023**

- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1452-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FESTIVAL WAKA WAKA 2023

# Any Sambava amin'ny 10-13 aogositra 2023



*Ireo anisan'ny mpikarakara ny Festival Waka Waka.*

Any an-tanànan'i Sambava faritra Sava, amin'ny 10 ka hatramin'ny 13 aogositra, no hanatontosana ny hetsika ara-kolontsaina sy fanampiana ho an'ireo sahirana antsoina hoe : "Festival Waka Waka 2023" andiany faha-2, izay hadika hoe "isika miaraka no matanjaka", ho karakarain'ny Shelby Production miaraka amin'ny ben'ny tanànan'i Sambava, izay tonga manokana teny amin'ny "Campus Telma Andraharo" mihitsy tamin'ny alarobia 05 jolay 2023 teo, niresadresaka tamin'ny mpanao gazety ny andinindininy mikasika an'ity hetsika ity. Fantatra tamin'izany, fa mpanakanto avy eto an-toerana sy iraisam-pirenena no hanafana an'ity "Festival" izay tena nokendrena hampiriborobo ny fiombonana sy ny firaisankinan'ny kolontsaina Malagasy amin'ny ankapobeny ity ary koa natao hanangonam-bola "collecte de fonds" hoentina hanatsarana ny fiainan'ny mponina any an-toerana, amin'ny alalan'ny fananganana trano fampiterahana vaovao any Sambava. Izany rahateo no nahasarika ny orinasa Telma hanohana tsy misy fihambahambana ny hetsika. Araka ny maha-"Festival" azy dia hisy ny « carnaval », ny fifaninanana ara-panatanjahantena toy ny « marathon », « tournois de basket-ball », ny fifidianana « Miss Waka Waka ». Marihana fa ny minisitry ny ati-tany am-perinasa no ray mpiahy an'ity hetsika any an-drenivohitry ny lavanila ity.

***Rainilita***

### Tetikasa Lifskills Fanoitra

# Nisitraka an'izany koa i Boeny

Nisitraka ny tetikasa Lifeskilles Fanoitra, izay tetikasan'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy, toa ny Faritra Analamanga sy ny Faritra Toamasina ihany koa ny Faritra Boeny. Tanora mpianatra sy misehatra anaty fikambanana maro samihafa no nanatrika izany fiofanana izany, izay naharitra telo andro ka nanofanana an'ireo "Module" miisa 5 ao anatin'ity tetikasa ity : ny kolotsainan'ny Vina, ny asa fandraharahana ho an'ny tanora, ny fialamboly, ny fahaizamiaina sy fanabeazana olom-pirenena vanona, ny fahasalamana sy ny fiarovana ny tanora ary nofaranana tamin'ny fizarana mari-piofanana avy amin'ny « Institut National de la Jeunesse». Nanatanteraka izany tany an-toerana ny Fitaleavana misahana ny tanora izay notarihan-dRamatoa Taleny sy ny Tale Jeneraly misahana ny Tanora ary ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny, niaraka tamin'ireo mpiara-miasa eto anivon'ny Minisitera.

***Rainilita***




*Tetikasa Lifeskills Fanoitra tany Boeny.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 437**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 437




**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana vola sy hetra **2.** Andian-teny finiavana – Tena marina, fotsiny ihany **3.** Fifidianana **4.** Atsahatra – Toe-bolo **5.** Repoblika Malagasy – Kamban-telo **6.** Vahiny hafa finoana – Tsofoka fanitarana **7.** Renintsoratra tsy mitovy – Andro mivadika **8.** Azo tanteraka (miv) – Fisotro (BR) **9.** Mampisafidy – Maizina **10.** Hekitara – Mandà – Ao amin'ny sata

**Mitsangana**

**A.** Ravoravo **B.** Tsirin-teny Iharana – Raharaha **D.** Nitazana **E.** Volana **F.** Ao amin'ny vata – Fikambanana iraisam-pirenena **G.** Alika - Soloy **H.** Tovona – Mpanoritra anarana (miv) – Naoty **I.** Mitaotao vovonana **J.** Areti-maso – Nandray **K.** Zanak'i Dada – Eo amin'ny vatanay (miv)

## Valiny Teny Tondro (0436)

***Mitsivalana***
- Maritoa
- Ekena – RT
- Na – Ota
- Adino – La
(miv)
- Kanetibe
- Akatona
- Ao – Lasa

***Mitsangana***
- Menaka
- Ak(oho) – Daka
- Reninao
- Teniny (miv)
- Ta(ona) – Loto (miv)
- Ina
- Sabatra (miv)
- Tale

## Valiny Teny mifanaraka 0436

**Mitsivalana**

**1**. Herintaona **2**. Alàna - To **3**. Tontolo - TD **4**. Matio (miv) **5**. Moa (miv) - Bory **6**. As - Moana **7**. Kisoa (miv) - KV **8**. Iry - Itaosy **9**. Nanavy **10**. Amany - Avia

**Mitsangana**

**A** Hatsaraina **B**. Elo - Maro (miv) **D**. Ranomasina **E**. Inty - Si - An **F**. Naoty - Kivy **G**. La(kolosy) - Ti **H**. Atomboka **I**. OO - Vaovao (miv) **J**. RN **K**. Andrianina

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, A.T.

Ny filoha Marc Ravalomanana niala sasatra tany amin'ny Antsanitia Mahajanga faritra Boeny. Niresaka tamin'ireo mpanjono tany an-toerana izy nandritr'izany.





Amad Tombovelo Achiraf sy ny Ankoay U19 basket-ball, tany Frantsa farany teo.





